# 365Tantara 23.Mahatoky amin'ny zavatra kely!




# 23. Mahatoky amin'ny zavatra kely!

Ny tantara ambarako anao dia nitranga taloha be, tamin'ny fotoana nanjakan'ireo mpanjaka Olaf tany Norvège. Miantomboka ny lohataona tamin'izay, tovovavy tantsaha i Gunhild, ary niasa tany an-tsaha niaraka tamin'ireo vehivavy hafa, no indro nipoitra mpitaingin-tsoavaly anankiroa izay namovoka tokoa.Rehefa nidina ry zareo, dia nanambara tamin'ny vehivavy rehetra teo fa iraky ny mpanjaka ry zareo, hilaza amin'ny olona vaovao lehibe!"Ny mpanjakantsika Olaf dia maniry hampiakatra tovovavy eto an-toerana mba ho vadin'ny zanany lahy. Saingy nolavina avokoa ny zanak'ireo olomanan-kaja noho ny tsy fahamatorany. Manasa ireo mihevitra ho mendrika hanambady ny zanany izy, ho avy any an-dapa afaka fito andro amin'ny 11 ora tsy diso!"



Tsy azo amidy. Nanisy sary i Jean Patrick Fléchier. Nanatanteraka ny www.365histoires.com Paris. Frantsa




Tsy nino ny zavatra reny i Gunhild, nandao faingana ny asany izy ka nody tany an-tranony.Nanambatra ireo ravi-damba maro loko, ka nanomboka nanjaitra azy ireo.Nanontany azy ny reniny: maninona no tsy miasa ianao? Ary ataonao inona ireny lamba ireny?

Namaly Gunhild fa hanamboarany akanjo tsara tarehy ireo fa hiseho any an-dapa izy afaka fito andro.

Gaga ny reniny ary nihevitra azy ho adala, ny toetrany tena maotina loatra. Ahoana no ahafahany milaza fa hanambady ny zanakalahin'ny Mpanjaka Olaf ary ho lasa mpanjakavavy, zaraasa izay tsy nananany fahaizana na dia kely aza ary indrindra kao ny halavany!

Nefa tsy nisy naova hevitra azy, ilay tovovavy dia entitra tamin'ny heviny ary nanohy ny zaitrany.



Ny andro fahafito dia vonona izy. Nitafy ny akanjony tsara tarehy, nandeha nihazo ny lapa izy.

Rehefa nandalo ny tetezana hidirana, dia gaga tanteraka

nahita fa efa feno tovovavy maro tao an-tokontanin'ny lapa. Efa ho arivo.

Tonga avy amin'ny lafy valon'ny vohitra mba hamaly ny fanasan'ny mpanjaka.



Nasain'ny mpiambina nilahatra ireo tovovavy rehetra ary nomeny voa iray avy!

Nasain'ny mpanjaka hampitain'ireo mpiambina amin'ireo tovovavy rehetra ny hafatra :

"Ry zazavavy isany, omenay voa iray avy nareo. Tandremo toy ny anak'andriamaso fa sarobidy iny! Karakarao tsara! Amboleo ary tondrahy tsara!

Ataovy izay ivoahan'ny voninkazo faran'izay tsara avy amin'izy ireny.

Izay manana ny voninkazo faran'izay tsara no heverina fa mendrika hanambady ny zanaky ny mpanjaka  satria raha mahavita mampiseho ny fikirizanareo ianareo, ny fiahianareo ny zavatra kely, no anakinana anareo koa ny lehibe."

Tsy azo amidy. Nanisy sary i Jean Patrick Fléchier. Nanatanteraka ny www.365histoires.com Paris. Frantsa



Nofihinin'i Gunhild tsara tao an-tanany ilay voa, ary nandeha nody faingana izy.Nitady tavim-boninkazo tsara tarehy sy tany matavy tsara mba hambolena ity voa. Ny andro manaraka an'io, nikarakara foana ilay voa toy ny harena sarobidy izy: nametraka ilay tavy tamin'ny toerana azon'ny masoandro tsara, notondrahany matetika sady nitandrina mba tsy ho tondraka loatra!

Dia niandry izy, niandry ny fiposahan'ilay voninkazo. Nandeha ny fotoana fa tsy nisy nipoitra: Tsy ny na dia tsimoka kely aza! Tsy azon'i Gunhild izay nitranga!Ahoana no mbola tsy misy n'inon'inona anefa efa tena feno ny fikarakarana nataony! Sady izy dia tena mahay mikarakara zava-maniry.Very hevitra izy ka nitomany isaky ny mijery ilay tavim-boninkazo banga.Rehefa tonga ny fotoana tokony hiverenana any an-dapa, nahita tovovavy maro izy, nitondra tavim-boninkazo avy izay misy voninkazo tsara tarehy amin'ny loko sy karazany maro.



Izy irery no tsy misy n'inon'inona avy ao amin'ny tavim-boninkazo. Tonga ny mpanjaka ary nanome baiko ny lehiben'ny mpiambina. Izay nampita izany tamin'ireo mpiambina. Nasaina niverina ireo tovovavy rehetra afa-tsy iray dia i .Gunhild. Nentina teo amin'ny mpanjaka izy: Tora-kovitra ny ho voasazy mafy ny tenany satria tsy nitondra voninkazo, rakotry ny henatra izy, ka nangovitra ary tsy voatanany ilay tavy ka vaky ary nitresaka teo amin'ny tany.Tena izay vao ho faty aho hoy izy anakampo. Tsy nahajery ny mpanjaka izy fa nijanona nandohalika. Nampitsangana azy moramora ny mpanjaka, sady nanafosafo ny takolany. Nitsiky taminy izy sady niteny fa tsy nisy mahavanona ireo voa rehetra nozaraina samy efa maty avokoa. Ary izy irery no namboly ilay voa tamim-pahamarinana. Koa dia ho azy no hanankinana ny zava-dehibe! Ary izy no hanambady ny zanaky ny mpanjaka!Ny Tenin'Andriamanitra ao amin'ny Lioka 16:10 dia milaza amintsika: Ary izay mahatoky amin'ny kely indrindra dia mahatoky koa amin'ny be; ary izay tsy marina amin'ny kely indrindra dia tsy marina koa amin'ny be. Tsy afaka manompo tompo roa isika fa tery ny làlana! Jesosy nanambara, Izaho no làlana,fahamarinana ary fiainana! Izay manaraka Ahy, dia tsy handeha amin'ny maizina, fa hanana ny jiron'ny fiainana!

Manana ilay jiron'ny Filazantsara ao aminao ve ianao? Mandeha amin'io lalan-tery io ve ianao? Miandry anao ao Jesosy!